Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Vavaka Fiambenana Asabotsy 12 Septambra 2020

Thème : Ny laojikan'ny hazo fijaliana
Texte : Matio 20,17-34

Fiharabana Apostolika

FFPM106/1,2,3
1 Indro, ny Fitiavana nijaly
Teo amin'ny hazo-fijaliana ;
Ary ny ratsy nivonona hifaly,
Handresy ny Zanaka-lahy Tokana.

2 Indro, ny Fitiavana mahery,
Nitondra ny heloky ny olony ;
Izy niady hanafaka ny very,
Ny ainy no avotra ka natolony.

3 Izy nijaly mafy tao Golgota,
Voahombo ny tongotra
aman-tanany ;
Izy nisolo antsika izay
mpanota
Ka fadiranovana ny fanahiny..

Vavaka fihaonana sy fiaiken-keloka

FFPM532/1
1. Ry Jeso lohan'ny mpandefitra,
Nilaozanao ny voninahitrao,
Mba hahatonga anay mpiavona
Hanetry tena eo imasonao.

Fampidirana

FFPM532/2
2. Ry tsy miavonavona am-po!

Izaho te-hianatra aminao,
Mba hitsaharan'ny fanahiko,
Fa mampiadam-po ny entanao.

Vakiteny 1 : Matio 20,17-19

Fanazavana fohy

FFPM532/3
3. Ny fietrenao, ry Voahombo ô,
No iakaram-boninahitra;
Ny tany sy ny lanitra vaovao
Hataonao lovan'ny mpandefitra.

Vavaka isan-tokantrano
- Misaotra fa notantanany ka velon'aina tra-pamonjena.
- Misaotra noho ny nanomezan'Andriamanitra ny Zanany hofaty hamonjy antsika.
- Mangataka mba tsy hanararaotra ny fahasoavan'Andriamanitra.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 2 : Matio 20,20-23

Fanazavana fohy

FFPM532/4
4. Mifandefera mifanajà,
Ry samy voavela heloka!
Miraisa hazofijaliana,
Hiraisantsika voninahitra.

Vavaka isan-takantrano
- Mangataka famelana amin'ny fitiavam-boninahitra sy ny fizahozahoana.
- Mangataka fahaizana mandà ny tena avy amin'ny Fanahy Masina.
- Mametraka ny taom-pianarana vaovao eo an-tanan'ny Tompo.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 3 : Matio 20,24-28

Fanazavana fohy

FFPM170/1
1- Ry JESOA ny fitiavanao
No ifalianay
Fa voavono Ianao

Hisolo voina anah
Mba raisinao re
Ny saotra aterinay izao
Ho fanajana
Anao , Mpamonjy tia

Vavaka isan-tokantrano

- Mangataka mba hananantsika fanetren-tena amin'ny asa fanompoana.
- Mitondra am-bavaka ny vina sy ny asa miandry ny fiangonana.
- Mba ho tefen'ny Tompo araka ny sitrapony.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 4 : Matio 20,29-34

Fanazavana fohy

<u>FFPM170/2</u>

- Mahery ny fitiavana
Ka itokianay
Izay mikambana Aminao
Dia tsy hangaihay
Mba raisonao re.....

Vavaka isan-tokantrano

- Mivavaka ho an'ny tsy salama sy ireo tsy manan-kialofana.
- Mivavaka ho an'ireo izay anatin'ny famoizam-po mba hanatona ny hazo fijaliana.
- Mivavaka ho an'ireo mpianatra sy mpiasa.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

<u>FFPM170/4</u>

4- Hiezaka izahay JESOA
Ka mba ho tia Anao
Ka tsy hatahotra eso
Noho ny Aminao
Mba raisinao re....

Hafatra :

Kolosiana 1,18-20

« Ary Izy no Lohan' ny tena, dia ny fiangonana; Izy no voalohany, dia ny Lahimatoa tamin' ny maty, mba ho Lohany amin' ny zavatra rehetra Izy. Fa sitraky ny Ray ho ao aminy no

hitoeran’ ny fahafenoana rehetra, sady Izy no hampihavanany ny zavatra rehetra aminy, ka dia ny ràny teo amin’ ny hazo fijaliana no nanaovany fampihavanana - eny, Izy, hoy izaho, no fampihavanana izany, na ny etỳ ambonin’ ny tany, na ny any an-danitra.»

FFPM298/2,4

2. Aina no fetra ho enti-manoa
Ilay Zanak'ondry nisolo anay;
Fandavan-tena sy fanaovan-tsoa
No fianarana atolotra anay.
Indreto izahay, sns.

4. Aina no fetra, ny nofo anefa
Mora mirona ho lavo indray,
Ka manampia , ry Mpandresy mahefa!
O! mba tantano, hazòny izahay.
Indreto izahay, sns.

Tsodrano

Ary ho an’ izay maharo anareo mba tsy ho tafintohina, ary hametraka anareo tsy hanan-tsiny eo anoloan’ ny voninahiny amin’ ny firavoravoana, ho an’ Andriamanitra tokana, Mpamonjy antsika, amin’ ny alalan’ i Jesosy Kristy Tompontsika anie, ny voninahitra sy ny fahalehibiazana, ny fanjakana sy ny fahefana hatramin’ ny taloha indrindra sy ankehitriny ary mandrakizay. Amena